

TORITENY - Alahady voalohany FIAVIAN'NY TOMPO - TAONA D



"Koa miambena àry, ary mivavaha mandrakariva mba ho mendrika ho afaka amin'izany loza rehetra tsy maintsy tonga izany ianareo" Lk 21, 35

Ry Kristianina havana, anio no hanombohantsika ny taona litorjika vaovao, Alahady voalohany Avent, Alahady fahatongavan'ny Tompo. Taona vaovao isika izao ka ankafaliana sy ankaravoana no iarahabana atsika OLo araiky sika jiaby amin'izao taom-baovaon' ny litorjika izao. Eto moa dia mampatsiahy atsika fa ny litorjia dia asan'Andriamanitra, atao hampiditra atsika tsikelikely ao anatin'izay fiainan'Andriamanitra izay. Ny fiainan'Andriamanitra dia izay nambaran'i Kristy ka izay indrindra ry Kristianina havana, tsy mifanaraka amin'ny calendrier mahazatra araka ny efa voalazantsika tamin'ny Alahady lasa teo, mahazatra atsika ny calendrier gregoriana na dia ny Papa Grégoire aza no namorona an'izay calendrier izay araka ny fahaizana sy fandalinana siantifika tamin'izay fotoana izay ka nahatonga an'izao tontolo izao nandray an'io calendrier gregoriana io. Ny calendrier litorjika dia izao Alahady "Avent" izao no anombohantsika ny taona vaovao.

Vakiteny I : Jer. 33, 14-16

Tononkira : Sal. 24, 4bd-5ab. 8-9.
10 sy 14

Vakiteny II : 1 Tes. 3, 12 — 4, 2

Evanjely : Lk. 21, 25-28. 34-36

Zay no mahatonga ahy miarahaba atsika tratry ny taona vaovao izay mampiditra atsika tsikelikely amin'izay fiainan'Andriamanitra, izay fiainan'i Kristy. Kristianina isika midika izany fa ny fiainan'i Kristy no fiainantsika Kristianina. Ny litorjia dia asan'Andriamanitra ataontsika mba hivelomantsika, hiainantsika an'izay niainan'i Kristy. Ny "Avent" na ny Fahatongavan'ny Tompo izany dia atolotry ny Eglizy, ny vakiteny voatokana ho an'izao fotoana izao dia natao hanampy atsika hanomana, mba ho fiomanantsika indrindra indrindra amin'ny fahatongavan'ny Tompo, izany no dikan'ny Avent . Ireo vakiteny dia mampiditra atsika, manokatra ny fonsika tsikelikely, manokatra ny fo amampanahintsika tsikelikely amin'izay fahatongavan'ny Tompo izay.

Inona ny Avent ?

Ka araraotina ary ry Kristianina havana hanazava amintsika fa amin'ny ankapobeny dia azo lazaina fa fahatongavana in-telo no hibanjinintsika sy ankalazaintsika, ary raha isika no milaza fa hoe fankalazana dia tsy hoe fahatsiarovana fotsiny anniversaire, tsy hoe anniversairen'i Kristy ny Noely fa noho ny asan'ny Fanahy Masina dia miditra tanteraka amin'izay nahaterahan'ny Tompo izay isika ary dia teraka teo anivontsika tokoa izy. Tsy fahatsiarovana fotsiny izany fa zary fiainana ho antsika ka ankalazaintsika : izay ny litorjia ka maha-asan'Andriamanitra azy. Ka amin'izao vanim-potoana ny Avent izao dia vanim-potoana lehibe hanaovantsika izany fankalazana izany, noho ny asan'ny Fanahy Masina dia sady mahatsiaro tanteraka isika no tafiditra amin'ny fiainantsika ny fahaterahan'ny Tompo izay fahaterahana ho antsika koa ny fahatongavan'ny Tompo eto anivontsika. Izany ny Noely fa tsy hoe anniversaire, zary ho fianam-baovao ho antsika ny fankalazana ny fahatongavany. Izany no mahatonga ny Eglizy manasa atsika amin'izao vanim-potoana lehibe "Avent" izao ary indrindra ry Kristianina havana araka ny fantantsika manomboka amin'izao Avent izao, amin'ny 08 desambra dia miditra manontolo amin'ny jabilin'ny famindrampo. Ary matoa tonga eto anivontsika ny zanak'Andriamanitra, matoa tonga olombelona ny zanak'Andriamanitra dia hanala atsika amin'ny fahotana, izay ilay famindramp'Andriamanitra ka mahatonga atsika ho zanak'Andriamanitra. Tonga nofo ny zanak'Andriamanitra, tonga olombelona izy mba hahatonga atsika noho izay famindramp'Andriamanitra izay ho zanak'Andriamanitra.

Ireo fahatongavana in-telo ankalazaintsika

Ka vanim-potoana lehibe izao Avent izao ry Kristianina havana ka manasa atsika indrindra araka izay voalaza teo aloha hahatsapa fa in-telo ny fankalazana ny fahatongavan'ny Tompo izay, mazava hoazy fa ny fahatongavana voalohany hankalazaintsika dia ilay roa arivo taona mahery lasa izay ka nahatongavan'ny zanak'Andriamanitra ho nofo, ny faharoa izay tena homanintsika ary iainantsika dia ny fahatongavany am-boninahitra amin'ny fiainan-koavy, ary ny fahatelo izay ivelomantsika ka hiainantsika isanandro mahatonga atsika hilaza hoe fahaizana mampitraotra ny finoana sy ny fiainana andavanandro dia ny fahatongavany amin'ny alalan'ny fiainantsika, ny Eglizy, ny Sakramenta, ny Tenin'Andriamanitra, ny asa fanasoavana, ny asa fanompoana ataontsika ary amin'ny alalan'ny vavaka ataontsika. Tsarovy izany zavatra telo izay tena manan-danja tokoa ry Kristianina havana :

- ny fahatongavany roa arivo taona mahery lasa
- ny fahatongavany amim-boninahitra amin'ny hoavy
- ny fahatongavany anio izao.

Izay mahatonga atsika milaza hoe: "Niany ny hoavy fa tsy rahampitso" Finoana Kristianina no mahatonga atsika milaza an'izany satria finoana mampitambatra ireo fahatongavana telo ireo. Ny fahatongavana tamin'ny roa arivo taona lasa araka ny fatantsika tsy tamin'ny fomba manetriketrika fa tao an-tranonomby. Ny finoana no nahitan'i Masina Maria sy Masindahy Josefa ary nahitan'ireo majy azy fa izay tsy nanam-pinoana tahaka an'i Heroda, fantantsika izay tantara izay, dia tsy afaka nahita sy nandray azy. Ary finoana ihany koa no handraisantsika azy amin'ny alalan'ny Sakramenta,

amin'ny alalan'ny Teniny, amin'ny alalan'ny Eglizy, amin'ny alalan'ny asa fanasoavana ka hahitantsika ny endrik'Andriamanitra amin'ireo manodidina atsika ka mahatonga atsika mifanao soa sy mifanombo ary amin'ny alalan'ny vavaka ataontsika isanandro. Finoana ihany koa no handrasantsika ny fahatongavany amin'ny fomba manetriketrika. Izay no antitranterin'ny Tenin'Andriamanitra amin'ity Alahady voalohany Avent ity, ny vakiteny voalohany ao amin'ny bokin'i Jeremia : hanatanteraka ny fampanantenany izy dia tanteraka tokoa izay fampanantenana izay ao amin'i Jesoa, izay hitantsika amin'ny Evanjely androany (Lk 21), raha nisy nanontany momba ny famantarana, nampianatra i Jesoa fa hisy famantarana eny amin'ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, zany hoe mampitsinjo atsika sahadry amin'ilay fahatongavany amin'ny fomba manetriketrika araka ny voalazantsika, dia tanteraka izany amin'ny fiaianan-ko avy ary isika dieny izao amin'ny fiainantsika andavanandro dia tsy maintsy mivelona an'izay. Ankaherezan'i Masindahy Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa ho an'ny Kristianina tany Tesalonika, hankaherezany atsika ihany koa hiomana amin'izay. Tsy hampatahotra atsika izay fampianarana natao ho antsika izay, ny fiavian'i Jesoa araka ny voalazany fa misy famantarana mety hampatahotra atsika tokoa. Tsy izay fatahorana izay no tena zava-misy fa ny fiomanantsika, ny fontsika hibebaka no tena zava-dehibe ry Kristianina havana. Io no fampianarana fahatelo tiako hahatongavana eto dia ny Fibebahana.

Fotoana Fibebahana sy fandraisana ny famindrampon'Andriamanitra

Izao tokoa ny fotoana hiomanantsika bebe kokoa, ny fiomanana tena izy ry Kristianina havana dia isika manatona an'Andriamanitra. Izao no andro tsara, izao no andro fibebahana. Araka ny voalaza teo natokan'ny Eglizy araky ny hafatrin'i Papa izao Jobilin'ny famindrampo satria ao anatin'ny faha-50 taona namaranana ny konsily isika, izany hoe Eglizy eo anivon'izao tontolo izao fa tsy anisan'izao tontolo izao ka manasa atsika ary handray ny famindrampon'Andriamanitra. Inona moa ny dikan'izay ? Isika hiverina ao amin'Andriamanitra, hiaiky ny helokantsika, hibebaka ary raha hibebaka tokoa isika dia mandray an'Andriamanitra. Izay ny Avent : mandray ny Tompo ka miomana amin'ny Noely, Andriamanitra eo anivontsika. Ka raha Andriamanitra eo anivontsika dia miova ny fiaraha-monintsika, miova ny fiainantsika ary ireny hery setra ireny dia zary fiadanana, fifankatiavana, izay no andrandraintsika amin'izao Noely izao, izay no andrandrain'ny Eglizy amin'izao jobilin'ny famindrampo'Andriamanitra izao.

Ry Jesoa Tompo ô, henonay tamin'ireo vakiteny teo ny fanambaranao fa ho avy tokoa ianao, ary efa tonga ianao roa arivo taona lasa, ary mbola ho avy ianao hisy famantarana. Tsy hampatahotra anay izay fa hanampy anay kosa hihavao, hibebaka, hanatona an'Andriamanitra, hanova ny fonay ka handray anao. Ka raha mandray anao ny fianakaviana Eglizy kely tsirairay, ny Eglizy fiombonana, ny Eglizy fototra sy ny Eglizy iraka ary ny diosezy manontolo, raha mandray anao ny tanananay sy ny fiaraha-moninay, ary ny nosinay Madagasikara manontolo amin'izao fiomanana amin'ny Noely izao ary amin'izao fidirana amin'ny jobilin'ny famindrampo izao dia hihavao tokoa ny fonay ka hanjaka eto aminay ianao. Raha ianao no manjaka, hanjaka tokoa ny fiadanana satria Mpanjakan'ny fiadanana ianao. Amen